



Siège national
 47 rue d Clichy
 75311 Paris Cedex 09
 Tél : 01 45 96 03 05

NY HATAKY NY TOMPO (ORAISON DOMINICALE)

Izany indray no hiarahantsika mandinika anio ato anatin'izao fandalinam-pinoana ataontsika izao, miompana amin'ny Lohahevitra lehibe hoe «**NY ANJARA TOERAN'NY VAVAKA AO ANATIN'NY LITORJIANSIKA FPMA**».

Marihiko kely fa efa nanao famelabelarana momba io Vavaka io aho ao amin'ny boky nosoratako ho fampianarana katekomena tany Madagasikara tamin'ny taona 1995 ary natonta fanintelony teo amin'ny nankalazànay an'Andriamanitra noho ny faha-30 taona nanompoana sy faha-30 taonan'ny fanambadianay mivady, natao tato amin'ny FPMA¹.

Omeko antsika eto am-panombohana ny loharano momba izany Vavaka izany, ampitahaina amin'ny dikanteny efa nampiasain'ny Fiangonana samy hafa hatrany am-boalohany² :

| Original grec | Transcription en lettres latines | Traduction latine utilisée dans la liturgie catholique | Traduction française dite « œcuménique » depuis 1966 | Traduction française utilisée dans certaines communautés orthodoxes |
|-------------------------------|----------------------------------|--|--|---|
| Πάτερ ἡμῶν ὁ ἐν τοῖς οὐρανοῖς | Páter hêmōn ho en tois ouranois | Pater noster, qui es in caelis | Notre Père, qui es aux Cieux, | Notre Père qui es aux cieux |
| ἁγιασθήτω τὸ ὄνομα σου· | hagiasthétō tò ónoma sou· | Sanctificetur nomen tuum; | Que ton nom soit sanctifié, | Que Ton Nom soit sanctifié, |
| ἐλθέτω ἡ βασιλεία σου· | elthétō hê basileía sou· | Adveniat regnum tuum; | Que ton règne vienne, | Que Ton Règne arrive, |
| γενηθήτω τὸ θέλημα σου, | genêthéthō tò thélēma sou, | Fiat voluntas tua | Que ta volonté soit faite | Que Ta Volonté soit faite |

¹ ANDRIAMAROHASINA RAVALITERA, Jean, *Mifidy ny anjara tsara*, Antso, Antananarivo, 1996 ; edisiona faharoa, Bordeaux, 2003, edisiona fahatelo, Paris, 2007, tak. 37-48.

² Ny dikanteny malagasy dia ao amin'ny Baiboly Protestanta (edisiona 1835, 1886, 1905, 2012), Baiboly Masina , (edisiona katolika 1935), ary ny DIEM (1991) izay nandraisako anjara ihany koa ny fandikana azy.

| | | | | |
|--|--|--|---|---|
| ὡς ἐν οὐρανῷ καὶ ἐπὶ τῆς γῆς· | hōs en ouranōi kai epì tēs gēs· | sicut in caelo et in terra. | Sur la terre comme au ciel. | Sur la terre comme au ciel. |
| τὸν ἄρτον ἡμῶν τὸν ἐπιούσιον ὁὸς ἡμῖν σήμερον· | tòn árton hēmōn tòn epiouision dōs hēmīn sēmeron· | Panem nostrum quotidianum da nobis hodie, | Donne-nous aujourd'hui notre pain de ce jour, | Donne-nous aujourd'hui notre pain substantiel |
| καὶ ἄφες ἡμῖν τὰ ὀφειλήματα ἡμῶν, | kai áphes hēmīn tà ophelēmata hēmōn, | et dimitte nobis debita nostra | Pardonne-nous nos offenses | Et remets-nous nos dettes |
| ὡς καὶ ἡμεῖς ἀφίεμεν τοῖς ὀφειλέταις ἡμῶν· | hōs kai hēmeīs aphíemen toīs ophelētaiś hēmōn· | sicut et nos dimittimus debitoribus nostris | Comme nous pardonnons aussi à ceux qui nous ont offensés, | Comme nous remettons à nos débiteurs, |
| καὶ μὴ εἰσενέγκῃς ἡμᾶς εἰς πειρασμόν, | kai mē eisenégkēis hēmās eis peirasmón, | et ne nos inducas in tentationem | Et ne nous soumetts pas à la tentation (Traduction revue en 2013 en : "Et ne nous laisse pas entrer en tentation" ⁴ .) | Et ne nous soumetts pas à l'épreuve, |
| ἀλλὰ ρῦσαι ἡμᾶς ἀπὸ τοῦ πονηροῦ· | allà rhūsai hēmās apò toῦ ponērou· | sed libera nos a malo. | Mais délivre-nous du mal. | Mais délivre-nous du Malin. |
| [Ὅτι σοῦ ἐστὶν ἡ βασιλεία καὶ ἡ δύναμις καὶ ἡ δόξα εἰς τοὺς αἰῶνας·] | [Hóti sou estin hē basileía kai hē dúnamis kai hē dóxa eis toūs aiōnas·] | [Quoniam tuum est regnum, virtus et gloriae, in saecula] | [Car c'est à Toi qu'appartiennent le règne, la puissance et la gloire pour les siècles des siècles] | |
| Ἀμήν | Amén | Amen | Amen | Ainsi soit-il |

→ Misy ezaka foana hatramin'ny taloha hanao fanitsiana ny dikanteny. Vao haingana ny Fianganona Katolika Romana dia nikasa hanitsy indray ihany koa, nampifandrifiana tamin'ny dikanteny orhodoxes, kanefa mbola tsy mety tafita eo anivon'ny besinimaro izany mandraka ankehitriny. Raha manao fampitahana isika dia misy fanamarihana kely ny fiavana eo amin'ny dikanteny frantsay araka ny hitantsika eto :

Ho an'ny Orthodoxes :

- «*Que ton Règne arrive*» : (ampiasainy ny verbe « arriver » fa tsy « venir ». Misy fotokevitra teôlôjika ao anatin'ny nuance : tsy andrasana toy ny tsy mbola fantatra (venir) ny fiavian'ny Fanjakan'Andriamanitra, fa efa eo mihitsy (déjà), saingy ny olona no mila miomana hiaina ao anatin'izany (arriver). Hoy ny fanentanana fanaon'ny Orthodoxes mampahatsiaro izany, hiraina hatrany mialoha sy famaranana ny Fanompoam-pivavahana fanaony : «Fa na iza na iza ianareo no

natao batisa ho an'i Kristy, dia nitafy an'i Kristy» (*Vous tous qui avez été baptisés en Christ, vous avez revêtu le Christ! Halleluya !*). Tokony ananantsika sahady « ao amin'i Kristy » ny fanjakan'Andriamanitra, fa isika no tsy mahatsiaro izany ka mila fampahatsiahivana mandrakariva.

- «*Donne-nous aujourd'hui notre pain substantiel*» : tsy nofaritana ny fotoana, na dia midika arabakiteny hoe « amin'ny andro anio » aza ny teny grika *sêmeron*, fa novelarina ny hevitra ny hataka : ny «hanina ilainay hahavelona anay», tsy voafetra ao amin'ny andro ihany, fa izay ilaina mba hahazoana fahavelomana, ary tsy mofo tsotra fotsiny koa izany, fa ny Tenin'Andriamanitra koa. Ny dikanteny malagasy Protestanta sy noraisin'ny DIEM koa tato aoriana dia manakaiky io : « omeo anay ny hanina sahaza anay ».

- «*Et remets-nous nos dettes*» : nadika ara-bakiteny ny teny grika *opheilémata*. Ny dikanteny malagasy voalohany koa dia nanao toy izany. Ao an-tsaina ny fanoharana nataon'ny Tompo momba ilay « mpitrosa tsy nanan-kaloa » (*Matio 18, 23-34*).

- «*Mais délivre-nous du Malin*» : Tahaka ny noraisin'ny dikanteny iombonana malagasy (DIEM) dia nofaritana ho anaran-tsamirery (nom propre) ny loharanon'ny fahotana, fa tsy natao ankapobeny (mal≠Malin: «Ilay Ratsy»).

- «*Ainsi soit-il*» : Midika amin'ny teny malagasy, hoe «Ho tanteraka tokoa anie izany!». Arabakiteny, ny dikan'ny hoe «Amena», dia «Tena marina dia marina tokoa izany» (*ny superlatif amin'ny teny malagasy dia miverindroa ilay teny ho fanamafisana ny hevitra*). Ampiasain'ny Tompo matetika io teny io rehefa te hanamafy ny zavatra ambarany lzy, ary nadikantsika hoe « Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa » (*Amen ! Amen !*, hoy ny teny grika). Soritana eo am-pamaranana ny vavaka fa *tena marina dia marina tokoa* ka inoan'ilay mivavaka ny zavatra ambarany ao anatin'ny fangatahana ataony. Hoy ny Tomp, hoe : « Aoka ny teninareo ho Eny, eny ; Tsia, tsia ; fa izay mihoatra noho izany dia avy amin'ny ratsy » (*Matio 5, 37*).

✠ Traikefa efa niainanay ka zarainay aminareo, fa ny Vavaka nampianarin'ny Tompo dia atahoran'ny devoly sy andosirany, koa raha vao manonona izany dia miala tanteraka izy. ✠

1. INONA MOA NY HATAKY NY TOMPO ARY AHOANA NO NAHAZOANTSIKA AZY ?

Araka ny hitantsika ao amin'ny Filazantsara dia Jesoa Kristy no nanome sy nampianatra ity Vavaka ity ho an'ny mpianany, araka ny fangatahan'izy ireo hampianatra azy ireo hivavaka, araka ny *Lioka 11, 1-2*. Ny Filazantsaran'i Matio dia mametraka ny fampianarana io vavaka io ao anatin'ny Toriteny natao tany an-tendrombohitra (*Matio 6, 9*) taorian'ny nampianaran'ny Tompo sy nanafarany ireo mpianatra mba tsy hanao vavaka tahaka ny fanaon'ny mpihatsaravelatsihy tia misehoseho rehefa mivavaka, sy ny jentilisa izay zatra manao vavaka lavareny. Hoy ny navalin'ny Tompo ny fangatahan'ireo mpianany, hoe : «Raha mivavaka ianareo, dia ataovy hoe : Ray...». Misy fahasamihafana kely ny filazana io vavaka io ao amin'ny Filazantsaran'i Matio sy Lioka, fa taty aoriana dia ny filazana ao amin'i Matio no nahavantana kokoa sy noraisin'ny Kristiana, araka io efa nomena antsika teo am-panombohana io.

❶ **Mampivavaka io vavaka io amin'ny vavaka hafa rehetra dia ny fiantsoana mivantana an'Andriamanitra hoe «Ray».** Mampahafantatra mazava tsara Jesoa Kristy, raha nampianatra io vavaka io, fa **tamin'ny nahatongavany ho olona dia nanandratra ny olombelona izay mino Azy ho tonga zanak'Andriamanitra** lzy. Raha niady hevitra tamin'ireo Jiosy lzy, tamin'ny nitadiavan'izy ireo Azy taorian'ny namokisany ny olona tsy omby dimy arivo tany an-tendrombohitra, nanontany Azy izy ireo, hoe ; «Inona no hataonay mba hiasanay ny asan'Andriamanitra ? », dia novalian'ny Tompo hoe ; «Izao ny asan'Andriamanitra dia ny hinoanareo Izay nirahiny» (*Jaona 6, 28-29*). Nitaky famantarana taminy indray izy ireo mba hinoany Azy, koa nampianatra azy ireo ny Tompo momba ny Mofon'aina (*Jaona 6, 35*), ary nambarany fa «Fa izao no sitrapon'ny Raiko, dia ny hahazoan'izay rehetra mijery ny Zanaka ka mino Azy fiainana mandrakizay ; ary Izaho hanangana azy amin'ny andro farany» (*Jaona 6, 40*). Dia voalaza fa nimonomonona ireo Jiosy ary nihevitra an'i Jesoa ho olombelona tsotra fotsiny ihany, araka izay heverin'izy ireo ho fahafantarany Azy sy ny niaviany.

Nohamafisin'i Jesoa fa tsy misy mahay manatona Azy raha tsy taomin'ny Ray Izay naniraka Azy. Nambarany fa « Voasoratra ao amin'ny mpaminany hoe "Ary izy rehetra dia hampianarin'Andriamanitra". Izay rehetra mandre ka mianatra amin'ny Ray no manatona Ahy. Nefa tsy nisy nahita ny Ray, afa-tsy izay avy amin'Andriamanitra : Izy no nahita ny Ray. Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa : izay mino no manana fiainana mandrakizay » (*Jaona 6, 44-47*). Izany tenin'ny Tompo notanisaina izany dia fanamafisana ny voalaza ao amin'ny *Jaona 3, 16* : « Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao : nomeny ny Zanani-lahy tokana mba tsy ho faty izay rehetra mino Azy fa hanana fiainana mandrakizay ».

② Rehefa manonona io Vavaka nampianarin'ny Tompo io isika ao anatin'ny Litorjia (indrindra ao anatin'ny Litorjian'ny Fandraisana ny Fanasan'ny Tompo amintsika FPMA, fa tokony ho toy izany mandrakariva), **noraisintsika avy amin'ny fanaon'ny Fiangonana Kristiana eran-tany**, dia atomboky ny Mpitarika izany amin'ny fampahatsiarovana ny tenin'ny apôstôly Paoly ao amin'ny *Romana 8, 14-15*, hoe : « Fa izay tarihin'ny Fanahin'Andriamanitra no zanak'Andriamanitra. Fa tsy nandray ny fanahim-pahandevozana ho amin'ny tahotra indray ianareo, fa nandray ny fanahin'ny zanaka natsangana, izay iantsoantsika hoe Aba, Ray ô ! ». **Hoy ny fanaontsika, hoe : « Efa nandray ny Fanahy maha-zanak'Andriamanitra antsika isika, ka afaka manatona Azy sy mivavaka hoe : Rainay ô... »**. Nohamafisiny ao amin'ny *Galatiana 4, 6* izany, hoe : « Ary satria zanaka ianareo, dia nirahin'Andriamanitra ato am-pontsika ny fanahin'ny Zanany, miantso hoe : Aba, Ray ô ». Tamin'ny Tompo nampianatra ny mpianany hivavaka, dia natorony tsotra ny fanombohana, hoe « Ray ô... ». Fony lzy nitolona mafy tamin-dRainy tao Getsemane, dia niloaka avy amin'ny fon'ny Tompo ny antso hoe « Raiko ô... » (*Abba*, hoy ny fiteny arameana, midika amin'ny fiteny Malagasy hoe « *Dada malala ô !* ») *Matio 26, 42 ; Lioka 22, 42*. Fomba fiantson'ny zaza jiosy amim-pitiavana ny rainy izany. Tsy hita mihitsy ao amin'ny Fanekempihavanana taloha io fiantsoana amim-pitiavana io (appel intime), kanefa nanjary azontsika ampiasaina koa izany. Fanahy tao amin'ny Tompo Jesoa Kristy no nafindrany nomeny antsika. Tsy adinoina akory fa olombelona ihany isika, ary manana ny tsy fahamendrehana eo anatrehan'Ilay Andriamanitra Mpahary, kanefa **nanjary tafakambana ao anatin'ny fanononantsika ny Vavaka nampianarin'ny Tompo ny fanajana sy fanomezan-danja ny ray be fitiavana (vénération) sy ny fitokiana azy amim-pitiavana ombampifaliana noho ny maha zanaka (jubilation)**. Ny fiantsoana an'Andriamanitra hoe « Rainay ô » dia nataon'ny Tompo mba hampahatsiarovana ireo mpianatra sy isika koa fa zanaka isika ka tokony hanana ny toetran'ny zaza eo anatrehan'Andriamanitra : fahatokiana, fahavononana handray izay omeny antsika, fanekena ny hanariny sy ho faiziny akory aza raha sendra mania (vakio *Matio 18, 3 ; Hebreo 12, 5-11*). Izay no hamafisintsika, narafitra avy amin'ny tenin'ny apôstôly ao amin'ny Romana izay voalaza etsy aloha, ka hilazantsika hentitra hoe : « Noraisintsika ny Fanahy maha zanak'Andriamanitra antsika, ka ahafahantsika miantso Azy hoe Rainay ô... »

③ **Ny Vavaka nampianarin'ny Tompo dia eken'ny mpandinika maro fa toy ny famintinana (résumé) ny votoatin'ny Fivavahana Kristiana (L'Oraison Dominicale est un résumé de la Religion chrétienne)**. Io « Hataky ny Tompo » io no hany vavaka iombonan'ny Kristiana rehetra. Fehezan-teny vitsivitsy monja, tononin'ny kristiana mpino ao anatin'ny minitra vitsy foana, kanefa mamehy ny zavatra tsaroan'ny kristiana eo amin'ny fiainany manontolo. Ambaran'ny maro fa toy ny mariky ny faharetan'ny Fiangonana tsy manam-pahataperana izany vavaka izany. **Misy ny tombokasen'Andriamanitra izany vavaka izany, ka tsy azo anaisorana na ovàna** (afa-tsy ny dikanteny ihany) ; **tsy azo heverina mihitsy ny maha-Kristiana kanefa tsy mahay izany Vavaka izany**. Baiko sy fanirian'ny Tompo nomena antsika ny hitoriana ny Filazantsara sy hanaovana ny firenena rehetra ho mpianany. Izany rahateo no tanjon'ny Fiangonana, dia ny hahafantaran'ny olona rehetra ny Filazantsara. Koa any aoriana any, raha tonga kristiana avokoa ny olombelona rehetra, dia ho eo am-bavan'ny rehetra io Vavaka nampianarin'ny Tompo sy nambarany mivantana voalohany io

(elles sont comme empreintes de la perpétuité de l'Église ; elles sont scellées du sceau de Dieu, et nul n'y peut rien changer, rien ajouter, rien retrancher ; il n'est pas possible d'être chrétien et de les ignorer ; et si, comme nous le croyons tous, l'universalité est le dernier triomphe réservé à l'Évangile, si un jour est promis où le genre humain sera chrétien, en ce jour-là toute lèvre humaine proférera la prière par excellence et tout acte de culte sera consacré par ces vœux que Jésus a prononcés le premier).

2. INONA MOA NY VOTOATIN'NY HATAKY NY TOMPO ARY AHOANA NO TOKONY IAINANTSIKA AZY ?

Mizara roa mazava tsara ny firafitry ny Vavaka nampianarin'ny Tompo.

2.1. NY TAPANY VOALOHANY dia fiantsoana mivantana an'Andriamanitra Ray, arahin'ny hataka toy ny ataon'ny zanaka manana fifandraisana akaiky amin'ny rainy : ampiasaina ny « ianao » (2^{ème} personne du singulier). Teny tsotra nampifampitohizina ireo. Eken'ny rehetra fa tena avy amin'i Jesoa tokoa izany teny izany, tahaka ny vavaka efa fanaony. Fa voarakitra ao anatin'ireo teny tsotra ireo koa ny fanantenana ny any am-parany (espérance eschatologique) izay zava-kendren'ny Filazantsara anirahan'ny Tompo ny mpianatra mba hotorina eto amin'izao tontolo izao, araka ny teniny hoe: « Ary hotorina amin'izao tontolo izao ity filazantsaran'ny fanjakana ity ho vavolombelona amin'ny firenena rehetra, dia vao ho tonga ny farany. » *Matio 24, 14*

→ Ny fiantsoana an'Andriamanitra hoe « **Rainay ô Izay any an-danitra** » dia tena noraisina mivantana sy nampianarin'i Jesoa antsika, satria tokony ho Azy irery izany tombontsoa izany kanefa nomeny ho antsika koa. Ny famaritana hoe « any an-danitra » izay nampiasain'i Matio (fa tsy hita ao amin'i Lioka) dia mampahatsiaro ho an'ny jiosy tamin'izany fotoana izany ny elanelana sy ny fanajana izay tokony hasehon'ny olona « ety an-tany » eo anatrehan'Andriamanitra « izay any an-danitra ». Fa ho antsika kristiana koa anefa, ny filazana ny hoe « any an-danitra » dia natao hampahatsiaro antsika fa manana adidy isika hanomana ny fanjakan'Andriamanitra ho avy, satria ny fiainantsika sy ny fanantenantsika dia tsy voafetra amin'ny ankehitriny sy ety an-tany ihany, fa manantena fiainana any an-danitra koa isika miaraka amin'ny mino sy voavonjy rehetra.

→ Ny hataka voalohany hoe : «**Hohamasinina anie ny anaranao**», amin'ny teny grika dia endrika aoriste impératif, lazaina koa hoe passif divin na passif royal, fomba fiteny amim-panajana fanaon'ny jiosy mba tsy hivantanam-piresahana amin'Andriamanitra.

Amin'ny jiosy mantsy, ary nohajain'ny Tompo izany tamin'ny fampianarany ireo mpianatra hivavaka, dia manana hevi-dehibe manokana ny filazana ny hoe « anarana » rehefa miteny momba an'Andriamanitra. Ny ANARANA dia milaza ny maha-izy ny tompon'anarana, ka tsy azo isolokiana. Ny manao zavatra amin'ny anaran'olona dia mampiditra andraikitra amin'ilay tompon'anarana. Ny fanononana ny tonombavaka hoe « Hohamasinina anie ny Anaranao » dia fiaikena eo anatrehan'Andriamanitra fa hiala amin'ny fanompoan-tsampy mbamin'izay fanao rehetra manambany Azy, tsy araka ny tokony hatao. Hitantsika ao amin'ny *Levitikosy 22, 32*, hoe : « Ary aza manamavo ny anarako masina ; fa hohamasinina eo amin'ny zanak'Isiraely Aho : Izaho no Tompo ». Tany an'efitra, rehefa nitaraina tamin'ny Tompo Mosesy satria nimenomenona indray ireo zanak'Isiraely noho ny tsy fisian'ny rano hosotroiny, dia nasain'ny Tompo nikapoka ny vatolampy Mosesy. Nentim-pahatezerana izy, ary nanadino ny nisaotra sy nanome voninahitra ny Tompo, koa nahadiso azy izany ary nanamelohan'ny Tompo azy : «Satria tsy nino Ahy ianareo hanamasina Ahy eo imason'ny zanak'Isiraely, dia tsy hitondra izao fiangonana izao ho any amin'ny tany izay nomeko azy ianareo » *Nomery 20, 12*. Milaza ny fiziin'Andriamanitra (identité) ny anarany, koa ny famaizany

nampihariny tamin'ny zanak'Isiraely noho ny nanotan'izy ireo taminy sy nijangajangany nanaraka andriamanin-tsy izy, dia fitaizana mba hibebahany, fa rehefa mahatsiaro tena izy ireo ka miverina Aminy : «Hohamasiniko ny anarako lehibe izay efa nolotoinareo tany amin'ny jentilisa, ka dia ho fantany fa Izaho no TOMPO, hoy ny TOMPO Andriamanitra rehefa miseho ho masina eo imasony Aho amin'ny ataoko aminareo» Ezekiela 36, 23, hoy ny faminiana nampitondrainy an'i Ezekielia. Mbola nohamafisiny izany, hoe : «Koa izao no lazain'ny TOMPO : ankehitriny dia hampodiko avy amin'ny fahababoany Jakoba, ary hamindràko fo ny taranak'Isiraely rehetra ; ary hiseho ho saropiaro noho ny amin'ny Anarako masina Aho » Ezekiela 39, 25.

→ Ny hataka faharoa hoe «**Ho tonga anie ny fanjakanao**» dia fanamafisana ny navalin'ny Tompo ireo Fariseo nilaza fa Belzeboba lehiben'ny demonia no amoahany demonia (nanao blasfemia, izany hoe niteny ratsy ny Fanahy Masina izy ireo tamin'izany) : « Fa raha ny Fanahin'Andriamanitra kosa no amoahako ny demonia, dia efa tonga aminareo sahady ny fanjakan'Andriamanitra » Matio 12, 28. Eo ihany Matio no mampiasa ny anarana hoe « Andriamanitra ». Ny Fanjakan'Andriamanitra dia fanjakana anjakan'ny Fitiavana, ny Fahafahana, ny Fiadanana, ny Fahafenoana. **Rehefa manonona io hataka io isika dia tokony hahatsiaro mandrakariva fa tsy omena anjara toerana ao amin'izany Fanjakana izany ny fivavahana ara-pomba fotsiny sy fihatsarambelatsihy.**

→ Ny hataka fahatelo hoe «**Hatao anie ny sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra**» dia tsy mba hita ao amin'ny Filazantsaran'i Lioka, satria efa voarakitra ao amin'ireo fangatahana roa voalohany izany. Nampidiriny kosa io ao amin'i Matio, ary mifampitohy amin'ny « fahasambarana » (béatitudes) nambaran'ny Tompo eo amin'ny Matio 5. **Tsy ampifangaroana amin'ny fanekena be fahatany ny zava-mitranga (fatalité) ny sitrapon'Andriamanitra, fa mampahatsiaro aloha fandraisana andraikitra izany, ary manaraka izay dia fankatoavana. Sarotra amintsika ny manaiky ny fandaharana ataon'Andriamanitra hitondrana ny fiainantsika. Mila fifandraisana akaiky sy fahatokiana an'Andriamanitra kanefa izany.** Jesoa tao Getsemane, raha nitolona mafy dia nitalaho, hoe : «Raiko ô, esory amiko ity kapoaka ity ; nefa aoka tsy ny sitrapoko anie no hatao fa ny Anao» Lioka 22, 45. Ambaran'ny apôstôly Paoly ao amin'ny 1 Korintiana 15, 28 fa any amparany, rehefa resin'i Kristy ny fahavalo farany, ny fahafatesana, dia «**tsy hisy fototra sy antony afa-tsy Andriamanitra ihany**». Ny valinteny nomen'ny Tompo ireo nanontany Azy momba ny asan'Andriamanitra, dia efa notanisantsika tary aloha, hoe : «Fa izao no sitrapon'ny Raiko, dia ny hahazoan'izay rehetra mijery ny Zanaka ka mino Azy fiainana mandrakizay ; ary Izaho hanangana azy amin'ny andro farany» (Jaona 6, 40). **Matetika dia faritantsika amin'ny fanarahana fotsiny ny fitsipi-pitondrantena eo amin'ny fiaraha-monina ny heverina ho sitrapon'Andriamanitra. Terentsika ho voahidy ao anatin'ny momba antsika ny momba an'Andriamanitra.**Tsarovy ilay lehilahy nanontany an'i Jesoa hoe: « Mpampianatra ô, inona no tokony hataoko hahazoako ny fiainana mandrakizay ? » Ny valinteny nomen'ny Tompo aza dia famerenana azy hitodika amin'ny Votoatin'ny Lalàna rehetra sy ny Mpaminany. Mbola nanamarin-tena ilay lehilahy ary nilaza fa efa nahatanteraka izany, ka hoy ny Tompo taminy hoe « Mbola diso zavatra iray loha ianao : Amidio ny fanananao rehetra ka zarao ho an'ny mahantra, dia hanana rakitra any an-danitra ianao ; ary **avia manaraha Ahy** » (Lioka 18, 22). Tokony ho tsarovantsika mandrakariva eo am-panonona io hataka iray ao anatin'ny Vavaka nampianarin'ny Tompo io izay baikon'ny Tompo izay hoe « **Avia manaraha Ahy** ». **Ilain'ny fiaraha-monina ny Fitsipika, fa ny fanaovana ny tena sitrapon'Andriamanitra dia ny finoana sy fanarahana n'i Jesoa irery ihany. Tsy maintsy manaiky isika, amin'ny finoana Azy, ny fahefan'i Kristy eo amin'ny fiainantsika, ary ny tokony hisehoan'ny Fitiavan'Andriamanitra ao anatintsika sy amin'ny fifandraisantsika amin'ny namantsika.** Manaiky ho mpiara-miasa sy fiasan'Andriamanitra hahatanteraka ny fanjakany isika, « ety an-tany, tahaka ny any an-danitra ».

2.2. NY TAPANY FAHAROA amin'ny Vavaka nampianarin'ny Tompo dia hataka atao mikasika mivantana ny fiainantsika amin'ny maha olombelona antsika. Marihina fa raha nampiasaina ny « ianao » (2^{ème} personne du singulier) teo amin'ny tapany voalohany, eto amin'ny tapany faharoa ity kosa dia ny « izahay », « ...nay » (1^{ère} personne du pluriel) no ampiasaina. Hataka mitory fiankinana

amin'Andriamanitra izany, satria manaiky isika fa tsy mahavita tena ary Andriamanitra no Loharanon'ny zavatra rehetra. Milaza fiankinan'ny zanaka amin'ny ray koa ny hataka, sady mamefy antsika tsy ho tia tena fa tsy maintsy miombona amin'ny hafa noho isika koa.

➔ Ny hataka hoe « **omeo anay anio ny hanina sahaza anay** » dia efa nohazavaintsika tetsy aloha. Fa misy ireto fanamarihana fanampiny ireto momba izany. Andriamanitra no Tompon'ny fotoana, koa «tsy mahay manampy na dia kely monja amin'ny andro iainantsika isika» (*Lioka 12, 25*). Tsy misy hatak'andro ny fiahian'Andriamanitra antsika, fa na toa sarotra aza ny fiainana matetika araka ny fijerintsika, «Ny famindrampon'Andriamanitra no tsy mahalany ritra antsika, fa tsy mitsahatra ny fiantràny. Vaovao isa-maraina izany» *Fitomaniana 3, 22-23*. Amin'ny teny arameana izay fiteny nahavantana ny jiosy niara-belona tamin'ny Tompo ary azo antoka fa nitenenan'ny Tompo ihany koa, ny hoe *mahar* izay nadika hoe « anio » dia manana hevitra malalaka kokoa ka mahatratra hatramin'ny hoe « rahampitso » koa. Tsy ny rahampitso izay andro manaraka ny androany akory no lazaina amin'izany, fa ny ampitso lehibe, izany hoe, « ny fiainana rehetra mbola ho avy ». Avy amin'izay no nanakarana ilay dikanteny hoe « sahaza ho anay » na « ampy hahavelona anay » (substantiel). **Koa tiana hotsarovana mandrakariva eo am-panononana io hataka io ny fanehoana fitokisana feno sy fanantenana ny firotsahan'ny fitahiana avy amin'Andriamanitra ho amin'ny fiainantsika manontolo.** Ny « mofo » na ny « hanina » ambara eto, dia tsy ny ara-bakiteny ihany. Fa hoy Jesoa : «Izaho no Mofon'aina... ny mofon'Andriamanitra dia ilay midina avy any an-danitra ka manome fiainana ho an'izao tontolo izao» *Jaona 6, 33,48*. **Ny fetezana hino sy hanaiky an'i Jesoa Kristy no tena hananantsika fiainana maharitra. Sakafo mahavelona ilay Teny tonga nofo. Mila isan'andro ny Tenin'Andriamanitra isika.** Fa hoy ihany Jesoa, hoe : «Ny fanahy no mahavelona ; ny nofo tsy mahasoa na inona na inona ; ny teny izay nolazaiko taminareo dia fanahy sy fiainana» *Jaona 6, 63*.

➔ « **Mamelà ny helokay, tahaka ny namelanay koa izay meloka taminay** » : ity hataka faharoa ity dia hataka arahina fanapahan-kevitra hiasa sy fahavononana handray andraikitra. Efa nohazavaina tetsy aloha koa io hataka io tamin'ny fiovan'ny dikanteny momba izany. Fa tokony ho an-tsaina ny tenin'ny Tompo hoe : «Tsy avy hiantso ny marina Aho, fa ny mpanota hibebaka» *Lioka 5, 32*. Misy tokoa manko « trosa » tsy fantantsika akory ny faharatsiany, fa ny Fanahy Masina ihany no mampahatsiaro izany amintsika mba hampahamenatra antsika, ka mitarika antsika mba hifona sy hangataka famelan-keloka. Tsy ny ara-pitondrantena ihany no mampisy heloka, fa eo amin'ny fiainantsika manontolo izay isian'ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra sy ny namantsika koa. « **Trosa** » lehibe ho antsika ny tsy finoana (non foi). Ny efa mahafantatra, kanefa mikiry ihany amin'ny heveriny ho marina nefa ratsy fanaony ka tsy mivonona mihitsy hiova, dia manjary miteraka «trosa» bebe kokoa indray. Heloka lehibe ny tsy fahaizana manome voninahitra an'Andriamanitra (efa nolazaiko tany aloha izany, raha nanazava momba ny **ANARANA** aho), fa **rehefa tsy mino koa isika** (na mody miseho ho mpivavaka aza ao anatin'ny fihatsarambelatsihy, toy ny nataon'ireo Fariseo sy Mpanora-dalàna), dia hevero tsara fa mahavita manao tsinontsinona an'Andriamanitra, mikimpy manoloana ny asan'Andriamanitra, miafara amin'ny fitenenan-dratsy (blasfemia) mihitsy aza. Tsy vitsy ny miseho ho mahalala ny tenin'Andriamanitra, kanefa mamadika izany hifanaraka amin'ny fiheverany fotsiny. « Dinihinareo ny Soratra masina satria ataonareo fa ao aminy no ananareo fiainana mandrakizay, ary ireny no manambara Ahy. Kanefa tsy mety manatona Ahy ianareo mba hananareo fiainana », *Jaona 5, 39*, hoy Jesoa namaly ny Jiosy niady hevitra taminy taorian'ny nanasitranany ilay lehilahy narary teo anilan'ny farihy Betesda, tamin'ny andro Sabata. Firifiry ny mitsaratsara foana ny hafa miainga amin'ny fandikàny vilana ny hevitra ny Soratra Masina? Firifiry ny manamarin-tena ka mirehareha noho ny fiheverany ho mahalala tsara ny Soratra Masina? Samy tsy manana finoana sy fanahafana an'i Jesoa Kristy ireny fa mandeha ara-tsaina fotsiny ihany.

♦ **HELOKA « TROSA » MANOKANA HO AN'NY TENANTSIKA ny toy izao :**

Fiavonavonana, fireharehana tafahoatra (trop d'orgueil) sy fihetsika mihoampampana (excès de zèle) , tsy fahaizana mifaly, fahasiahana (agressivité maladive), famitahana, fankahalana, lainga, tsy fahaiza-manaja ny tokony hohajaina, tsy fitiavana, hakamoana, tsy firehana handray andraikitra arahin'ny fanomezan-tsiny sy fitsaratsarana izay mandray andraikitra, tsy fahaizana mifehy ny lela (*Jakoba 2, 26 ; 3, 2-10*), fitiavantena tafahoatra (egocentrisme), filan-tombontsoa manokana (culture d'intérêt), fitiavan-karena mihoatra ny tokony ho izy, fanafenana ny ratsy, fanompoan-tsampy amin'ny endriny maro samihafa, sns.

♦ **HELOKA « TROSA » HO AN'NY FIARAHA-MONINA, NY FIANGONANA, NY FIRENENA kosa ireto :**

Fireharehana izay mahatonga fanilihana sy fanavakavahana izay tsy mitovy amin'ny tena (ara-pirazanana, ara-piaviana, lahy sy vavy, ara-pihariana sy fananana, ara-pirehan-kevitra), fanimbana an-tsitrabo na tsy nahy ny tontolo iainana, tsy fahaizana mitsinjo vodiandro merika, fisolokiana sy halatra amin'ny endriny samihafa na atao amin'ny fomba mivantana izany na an-kolaka, fandraisana tamby (kolikoly) tsy marina, fanaovana tsindrihazolena sy fanaparam-pahefana, fijangajangana, fihatsarambelatsihy sy fanodinkodinana ny marina, fitompoan-tena ho marina, tsy fanajana ny teny nomena, sns.

Matetika isika no mihevitra fa voafaritry ny lalàna misy ihany no mety hahadiso, na ara-piaraha-monina izany na ara-pivavahana akory aza. Jereo tsara kanefa ny fampianaran'ny Tompo Jesoa, indrindra rehefa nilaza lzy, hoe : «Efa renareo fa voalaza hoe... fa Izaho kosa milaza aminareo, hoe...». Ohatra maro no omen'ny Soratra masina momba izany. Santionany ireto omeko anareo ireto : *Nomery 19, 11, 16*, **ampitahao** amin'ny *Lioka 10, 25-37 ; 14, 11-13 ; 15, 1-6* ; **vakio ny fanoharana araka ny *Lioka 17, 1-10* ; eritrereto ny fampieritreretana sy fampitsarana tena ireo tonga hanameloka ilay vehivavy azo olan-tanana nijangajanga : *Jaona 8, 1-11* ; ny fanamelohan'ny Tompo ny fikirizana an-jambany amin'ny fomban-drazana sy fombam-pivavahana nisy : *Marka 7, 1-23* ; ny fanatsinian'ny Tompo ireo te hanamarin-tena sy hoderaina eo amin'ny fiaraha-monina ka miseho ho mpivavaka marina kanefa ivelany ihany : *Matio 23, 1-36*.** Santionany ireo, ary mbola iainan'ny maro amintsika mandraka ankehitriny, indrisy !

➔ **«Aza mitondra anay amin'ny fakam-panahy, fa manafaha anay amin'ny Ratsy».**

Fa angaha Andriamanitra mety hitondra antsika ho amin'ny fakam-panahy? Ampahafantarina antsika, fa raha nilaza momba io Jesoa teo amin'ny fampianarany hivavaka, dia nianga avy amin'ny fomba fisainana efa tranainy teo amin'ny jiosy lzy, ary tafafindra ihany koa tamin'ny fisainana grika izay nananan'ireo mpandika teny taty aoriana izany fomba fisainana izany. Teo amin'ny jiosy tranainy mantsy, araka ny hitantsika ao amin'ny bokin'i Joba, dia nisy fiheverana zary tonga finoana ny amin'ny fisian'ny « filankevitra » any an-danitra izay mety ho azon'i Satana atrehina ihany koa. Toa manana zo ahafahany miady hevitra amin'Andriamanitra akory aza i Satana (*Joba 1, 6-12*).

Paoly apôstôly dia nilaza fa nisy irak'i Satana nalefany hamely azy, ka na dia nangataka intelo tamin'Andriamanitra aza izy mba hialàn'izany, dia tsy novalian'Andriamanitra akory fa nampahereziny hoe «ampy ho anao ny fahasoavako ; fa ny heriko tanterahiko amin'ny fahalemena» *1 Korintiana 12, 7-9*. Raha adika ara-bakiteny indray ny teny grika dia mety manome toy izao : «Manafaha anay amin'ny fotoana hakàna fanahy anay». Ny DIEM dia nandika hoe «Aza avelanao ho azon'ny fakam-panahy izahay», ary ny dikanteny malagasy katolika romana mahazatra dia hoe «Aza avela ho azon'ny fitaoman-dratsy izahay». Ny dikanteny vaovao ankehitriny amin'ny teny englisy, raha adikantsika ho teny malagasy indray dia manome hoe «Aza entinao iharan'ny fizahan-toetra mafy izahay». Mazava amin'ireo dikanteny rehetra ireo fa **tsy Andriamanitra mihitsy no maka fanahy na mety hamela antsika ho azon'ny ratsy. Ny olona voatariky ny filàna no mety ho lavon'ny fakam-panahy, koa io hataka io dia fitalahoana amin'Andriamanitra mba hanafaka antsika. Fanehoana hetahetam-pahafahana izany, ary fampahatsiarovana antsika fa raha vao tafasaraka amin'Andriamanitra isika dia mora tafihan'ny devoly. Ny fiheverantena ho mahavita tena, tsy mila mpanampy ka manjary miteraka fandavana an'Andriamanitra, dia mahavery antsika. Tsy maintsy manaiky ny fahalementsika isika ary mangataka fanampiana amin'Andriamanitra.** Mazava ny voalazan'i Jakoba, hoe : «Raha misy alaim-panahy, aoka izy tsy hanao hoe : Andriamanitra no maka fanahy ahy... fa samy alaim-panahy ny olona raha tarihin'ny filàny sy fitahiny izy» *Jakoba 1, 13-15*. Mitovy amin'izany ny voalazan'ny apôstôly Paoly, hoe : «Tsy misy fakam-panahy mahazo anareo afa-tsy izay zakan'ny olombelona ; nefa mahatoky Andriamanitra ka tsy hamela anareo halaim-panahy mihoatra noho izay zakanareo ; fa momba ny fakam-panahy dia asiany lalàna hahafahanareo koa mba hahazakanareo izany» *1 Korintiana 10, 13*. Manolotra fanomezan-toky lehibe ho antsika ny Epistily ho an'ny Hebreo, hoe : « Fa satria nalaim-panahy ny tenany tamin'ny fahoriana nentiny, dia mahavonjy izay alaim-panahy koa Jesoa Kristy » *Hebreo 2, 18*. Ny devoly no « Ilay Ratsy » lazaina eto. Misy anarana samihafa entina hilazana ny devoly ilay tonga fahavalon'Andriamanitra, na dia tsy afaka mifaninana amin'Andriamanitra aza. Voalaza fa

« anjely naongana izy » (*Genesisy 6, 1s ; Joda, 6*) ary mitarika ny olona hikomy amin'Andriamanitra (*1 Korintiana 11, 10*). Antsoina koa hoe «fanapahana» (gr. *Arqás= principautés*), «fahefana» (gr. *Exousias= autorités*), « mpanjakan'izao fahamaizinana izao » (gr. *Kosmokrátoras tou skotous = souverains du monde des ténèbres*), « fanahy ratsy eny amin'ny rivotra » (gr. *Pneumatikà tês ponérias ên tois épouraniois= esprits de mechanceté dans les hauts cieux*) (*Efesiana 6, 12*). Tsy resin'ny herin'ny tenantsika fotsiny ny devoly fa mila ny fiadian'Andriamanitra isika ho enti-miady aminy. Ireo sahisahy foana kanefa tsy mahazo ny fanampian'Andriamanitra dia ho voa mafy (vakio *Lioka 9, 37-43 ; Asan'ny apostoly 19, 13-36*). **Averiko indray fa tsy tian'ny devoly ary andosirany ny VAVAKA NAMPIANARIN'NY TOMPO !**

→ «**Fa Anao ny fanjakana, sy ny hery, ary ny voninahitra mandrakizay. Amena. »**

Antsoina hoe « Fankalazana » na « Doxologie » io tapany farany io, ary hitantsika fa tsy tafiditra tao anatin'ny Filazantsara teo am-boalohany izy io fa adinon'ireo mpanoratra (copistes) ka latsaka, ka vao taty aoriana no nampidirina indray, koa izany no nanjary lasa nametrahana azy ery amin'ny vodipejy. **Efa fanaon'ny jiosy mandrakariva kanefa ny mamarana ny vavaka amin'ny fankalazana, ka azo antoka fa nanao toy izany koa Jesoa sy ny mpianany.** Hitantsika ao amin'ny Salamo maro izany. **Ny fankalazana an'Andriamanitra dia tsy hafa fa fankatoavana ny fahefany (acte d'allégeance).** Midika koa ho fandavana ny asan'i Satana rehetra io fankalazana io.

♦ Ny hoe «mandrakizay» dia milaza ny tsy fahafahan'ny toerana sy ny fotoana rehetra mametra ny maha-izy Azy an'Andriamanitra, ary milaza koa fa tsy mijanona amin'ny hita ankehitriny ihany akory ny fiainantsika miaraka amin'Andriamanitra, fa hisy fitohizany maharitra izany. «Fa raha amin'izao fiainana izao ihany no anantenantsika an'i Kristy, dia mahantra indrindra noho ny olona rehetra isika», hoy ny apostoly Paoly ao amin'ny *1 Korintiana 15, 19*. Ampianarin'ny Tompo isika hankalaza an'Andriamanitra amin'ny fiainantsika manontolo, ary ny ataontsika ankehitriny dia santatry ny mbola hataontsika koa rehefa mby eo amin'ny fanjakany maharitra mandrakizay isika (*Apokalypsy 5, 9-14*).

♦ Efa nohazavaina tary aloha ny hoe « amena » ka tsy averina intsony. Hamafisina fotsiny fa fanehoana finoana sy fitokisana izany fa marina sy tsy mba mivadika mihitsy Andriamanitra, ka hamaly ny Vavaka ataontsika Aminy.

3. NY « HATAKY NY TOMPO » LITORJIKA AMPITAHAINA AMIN'NY VAVAKA FANAON'NY ANTOKOM-PIVAVAHANA MONOTHÉISTE Hafa.

Niaina tao anatin'ny fiaraha-monina iray ny Tompo, ary fantantsika fa nifanerasera sy niaranivavaka tamin'ireo Jiosy mpiara-belona taminy lzy sy ny mpianatra. Fanaon'ny Raby na Mpampianatra teo amin'ny Jiosy ny mampianatra ireo mpianany hivavaka, ary izany no nahatonga ireo mpianatry ny Tompo hangataka taminy hampianatra azy ireo. Tsy handalina ny endri-pivavahana efa nisy tamin'izany isika, fa omeko fotsiny hahafahantsika manao fampitahana izao manaraka izao. Manana fifandraisana akaiky amin'ny «**KADDISH**» izay vavaka fanaon'ny Jiosy ireo fangatahana roa voalohany ao anatin'ny Vavaka nampianarin'ny Tompo. Vavaka miendrika fitsofandrano na fanomezam-pitahiana (prière de bénédiction) tononin'ny Mpitarika amin'ny anaran'ny vahoaka sy ireo mpianany ny « Kaddish », ary manome voninahitra an'Andriamanitra. Ho an'ny Jiosy maro, ankehitriny, tsy tononina mihitsy ny anaran'Andriamanitra fa na soloina hoe « TOMPO » (*ADONAI*) izany, na lazaina hoe «NY ANARANA » (*HASHEM*).

Ho hitantsika ny fiavahan'ity Vavaka Jiosy ity amin'ny Vavaka nampianarin'ny Tompo, satria ny HATAKY NY TOMPO dia tsy natao ho an'ny hafa fotsiny fa Hataka mivantana ataon'ny zanaka mankany amin'ny Ray.

→ Indro omeko mba hahafahantsika manao fampitahana ny « **Kaddish** », araka ny fombam-pivavahan'ny Jiosy :

TRADUCTION FRANÇAISE/ HEBREU

Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion), Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes.

1. *Magnifié et sanctifié soit le Grand Nom.* *Yitgaddal vèyitqaddash sh'meh rabba'*
2. *dans le monde qu'il a créé selon sa volonté* *Bè'alma di vèrah khir'outeh*
3. *et puisse-t-il établir son royaume* *vèyamlikh malkhouteh*
4. *puisse sa salvation fleurir et qu'il rapproche son oint.* *veytzmakh pourqaneh viqarev meshi'heh*
5. *de votre vivant et de vos jours* *be'hayekhon ouw'yomekhon*
6. *et [des jours] de toute la Maison d'Israël* *ouw'hayei dekhhol bet Israël*
7. *promptement et dans un temps proche ; et dites Amen.* *bè'agala ouvizman qariv ve'imrou amen*
8. *Puisse son grand nom être* *béniyèhè sh'meh rabba mevarakh*
9. *à jamais et dans tous les temps des mondes.* *le'alam oulèal'mè 'almayya*
10. *Béni et loué et glorifié et exalté,* *Yitbarakh vèyishtabba'h vèyitpa'ar vèyitromam*
11. *et élevé et vénéré et élevé et loué* *vèyitnassè vèyithaddar vèyit'alè vèyit'halla*
12. *soit le nom du Saint (transcendant), béni soit-il* *sh'meh dèQoudsha, berikh hou*
13. *au-dessus (et au-dessus) de toutes les bénédictions* *le'èlla (oule'èlla mikol) min kol birkhata*
14. *et cantiques, et louanges et consolations* *vèshirata tushbe'hata vènèkhèmata*
15. *qui sont dites dans le monde ; et dites Amen.* *da'amiran bèal'ma ve'imrou amen*
16. *Que soient reçues (acceptées) les prières et supplications* *Titqabbal tz'lotèhone ouva'out'hone*
17. *de toute la Maison d'Israël* *dekhhol bet Israël*
18. *devant leur Père qui est au ciel, et dites Amen.* *qodam avouhon divishmayya, vè'imrou amen*
19. *Pour Israël et ses rabbanim et leurs étudiants (disciples)* *'al Israël vè'al rabbanane vè'al talmidehone*
20. *et tous les étudiants de leurs étudiants* *vè'al kol talmideï talmidèhone*
21. *et tous ceux qui s'affairent dans la Torah* *vè'al kol maan di'os'kine bi'orayta*
22. *ici et en tout autre lieu* *di bè'atra hadein vèdi bèkhol atar vè'atar*
23. *que soit [instaurée] sur eux et vous une paix abondante* *yèhè lèhone oul'khone sh'lama rabba*
24. *la faveur et la grâce et la miséricorde et une vie longue* *'hinna vè'hisda vè'ra'hameï vè'hayyeï arikhe*
25. *une large subsistance et le salut* *um'zoneï rèvi'heï oufourqana*
26. *de la part de leur Père aux cieux [et sur terre* *min qodam avouhon di'vishmayya [vè'ar'a]*
27. *et dites Amen.* *vè'imrou amen*

Na dia taty aorian'ny Fivavahana Kristiana aza vao teraka ny Fivavahana Silamo, dia nanovo be dia be tamin'ny fombam-pivavahana Jiosy sy ny Fomba fivavahana Kristiana koa izy io. Ny « **FATIHA** » fanaon'ny Silamo, izay hitantsika ao amin'ny toko voalohany ao amin'ny Coran (première sourate du Coran) dia misy fifanahafany be dia be koa amin'ny Vavaka nampianarin'ny Tompo..

➔ Ho an-drizareo Silamo dia indro omeko koa, hahafahantsika manao fampitahana, ny « **Fatiha** » vavaka fanaon-drizareo,

TRADUCTION FRANÇAISE/ ARABE

| | |
|--|---|
| Bismi Allāhi Ar-Raḥmāni-r-Raḥīm | Au nom d'Allah, le Tout Miséricordieux, le Très Miséricordieux. |
| Al-Ḥamdu Lillāhi Rabbi-l-`Ālamīn | Louange à Allah, Seigneur de l'univers. |
| Ar-Raḥmāni-r-Raḥīm | Le Tout Miséricordieux, le Très Miséricordieux, |
| Māliki Yawmi-d-Dīn | Maître du Jour de la rétribution. |
| 'Iyāka Na`budu Wa 'Iyāka Nasta`in | C'est Toi [Seul] que nous adorons, et c'est Toi [Seul] dont nous implorons secours. |
| Ihdinā-ṣ-Ṣirāṭa-l-Mustaqīm | Guide-nous dans le droit chemin, |
| Ṣirāṭ-Al-Ladhīna 'An`amta `Alayhim Ghayri-l-Maghḏūbi `Alayhim Wa Lā-ḏ-Ḍāllīn | Le chemin de ceux que Tu as comblés de faveurs, non pas de ceux qui ont encouru Ta colère, ni des égarés. |

4. FEHINY

Rehefa manao ny Vavaka nampianarin'ny Tompo isika, ary votoatin'ny Vavaka Litorjika rehetra koa izany, **zava-dehibe tokony hosaintsainina mandrakariva dia tsy ny vavaka tononina akory no zava-dehibe eo imason'Andriamanitra**, na dia tsy lavina mihitsy fa misy lanjany aza izany matoa ny Tompo Jesoa Kristy mihitsy no nampianatra hivavaka, **fa ny toetry ny fontsika manatona an'Andriamanitra aloha**. Ireto no tokony hisongadina avy ao am-pontsika eo am-pivavahana :

- Ny vavaka dia fanehoana fifandraisana amin'Andriamanitra sy ny olona. Manàna toetry ny zaza rehefa manao ny Vavaka nampianarin'ny Tompo, ka hevero ho miresaka mivantana amin'ny Raintsika tokoa isika fa tsy manao tsianjery.

- Ny vavaka dia mety ho an'ny olon-tokana raha miresaka mitokana amin'Andriamanitra izy, nefa koa iombonan'ny maro izany raha mitondra ny tenin'ny maro ny Mpitarika ao anatin'ny Litorjia, na ny maro no miara-miredona amin'ny fanononana ny tonombavaka asandraatra eo anatrehan'Andriamanitra.

- Ny Vavaka dia fankalazana sy fanomezam-boninahitra an'Andriamanitra.

- Ny vavaka dia filoaky ny avy ao am-po mba haseho eo anatrehan'Andriamanitra.

- Asa asain'Andriamanitra hataontsika ny vavaka. Nanamafy izany baiko izany Jesoa Kristy raha nananatra momba ny fomba fivavaka Izy (*Matio 6, 5-8*) sy nampianatra hivavaka (*Matio 6, 9-13; Lioka 11, 2-4*).

- Fandinihantena ny vavaka (*contemplation*), nefa koa fivelarana mba handre ny Tenin'Andriamanitra sy ny bitsiky ny Fanahy Masina ao am-pontsika, ka mahatonga antsika hanolo-

tena hanao ny sitrapon'Andriamanitra tiany hotanterahintsika. Isaky ny avy mivavaka isika dia manontania tena hoe : « Inona àry no fikasàko hanatanterahako ny sitrapon'Andriamanitra manomboka izao indray ? ». Tandremo fandrao amintsika koa no hitenenan'ny Tompo mafy toy ny nitenenany ireo Fariseo sy Mpanora-dalàna nanome tsiny Azy noho ny tsy fanarahan'ny mpianany ny fomba sy fampianarana voatolotry ny razana (Lalàna sy Fitsipika). Hoy ny Tompo tamin'izay : «Koa dia foananareo ny tenin'Andriamanitra noho ny fampianarana voatolotra anareo. Ry mpihatsaravelatsihy, marina ny naminanian'Isaia anareo hoe : "Ity firenena ity dia manaja Ahy amin'ny molony fa ny fony kosa lavitra Ahy. Koa zava-poana ny ivavahan'ireo Amiko, raha mampianatra didin'olombelona ho fampianarana izy" » Matio 15, 6-9.

- Toy ny fanaovana vivery (*prise de risque*) ny vavaka, satria fetezana hizotra amin'ny lalana tsy fantatra fa manaiky kosa hotarihina sy hamboarin'Andriamanitra.

- Ny vavaka dia fanandratana ny voninahitr'Andriamanitra (*adoration*), fiantorahana ho eo amin'Andriamanitra, fiaikena ny herin'Andriamanitra, fahatokisana ny fitiavan'Andriamanitra, fangatahana sy fetezana handray izay avy amin'Andriamanitra, fankasitrahana sy fisaorana an'Andriamanitra amim-pifaliana (*jubilation*).

- Ny olona malai-mivavaka dia manamboatra ho diso ka **mandray ilany ihany** ho an'ny tenany ilay tenin'ny Tompo tao Getsemane : « miareta tory ianareo ka mivavaha mba tsy hidiranareo amin'ny fakam-panahy ; mety ihany ny fanahy fa ny nofo no tsy manan-kery » Marka 14, 38. Ilay tapany faharoa no roritiny fa tsy raisiny ilay tapany voalohany namporisihan'ny Tompo.

Jesoa ilay nampianatra hivavaka no mandidy antsika hoe : « Miambena ka mivavaha mandrakariva mba hahery ianareo ka ho afa-mandositra izany zavatra ho avy rehetra izany ary hitsangana eo anatrehan'ny Zanak'Oloha » Lioka 21, 36. Indramiko ho anareo eto am-pamaranana ny hafatry Joda hoe : « **Fa ianareo kosa, ry malala, dia ataovy izay handrosoanareo amin'ny finoanareo masina indrindra ka mivavaha ao amin'ny Fanahy Masina ; tahirizo ao amin'ny fitiavan'Andriamanitra ny tenanareo, eo am-piandrasana ny famindrampon'i Jesoa Kristy Tompotsika ho amin'ny fiainana mandrakizay.** » Joda, 20-21. ▲

Brétigny-sur-Orge, 9 desambra 2014

© Rev. Dr Jean A. RAVALITERA

Filohan'ny FPMA